# USE OF THE SIMPLE PAST PROGRESSIVE

Araka ny maha past azy, dia ny tranga na asa niseho tamin'ny vanim-potoana lasa no ampaisana ny simple past progressive. Na dia izany aza misy ny mampiavaka azy amin'ny past hafa izay hojerena mifanesy eto ambany.

**Describing a long action in the past**

Ity dia sehatra iray ampiasana ny simple past progressive izay entina maneho fa nitohy lava ny tranga na ny asa natao.

Examples:

- We were watching TV yesterday./ *Nijery tele izahay omaly.*
- It was raining heavily in Toronto./ *Avy be ny orana tany Toronto.*
- She was listening to the radio./ *Nihaino radio izy.*

**Expressing simultaneous actions in the past**

Ampiasaina entina milaza tranga na asa niara-niseho ihany koa ny simple past progressive.

Examples:

- While we were playing volleyball, other people were swimming./ *Izahay nilalao baolina volley dia ny olona sasany nilomano.*
- John was riding a bicycle and I was driving a car./ *I John nitaingina bisikileta ary izaho nitondra fiara.*
- He was reading a book while I was working./ *Namaky boky izy tamin'izaho niasa.*

**Expressing repetition in the past**

Raha toa ka hilaza fiverimberen-javatra tany amin'ny vanim-potoana lasa, dia azo ampiasaina ihany koa ny simple past progressive.

- He was always coming to class late./ *Tara foana izy tany am-pianarana.*
- Parker was always doing the right thing./ *Nanao ny marina foana i Parker.*
- They were constantly talking in the meeting./ *Niresaka foana izy ireo tao am-pivoriana.*

**Expressing interrupted action in the past**

Amin'ity sehatra ity, ny simple past progressive, dia maneho asa na tranga lava eo an-dalam-pahatanterahana ka tapahana asa iray miseho eo anelanelany na eo afovoany. Tahaka ny hita amin'ity fehezanteny ity: "Teo

**to watch**: mijery

**TV**: tele, fahitalavitra

**yesterday**: omaly

**to rain**: avy orana

**to rain heavily**: avy orana be

**to listen**: mihaino

**radio**: radio

**while**: nandritra ny

**to play**: milalao

**other**: hafa

**people**: olona

**to swim**: milomano

**to ride bicycle**: mitaingina bisikileta

**to drive**: mamily fiara

**car**: fiara

**to read**: mamaky teny

**to work**: miasa

**always**: foana

**to come**: avy, mankany

**class**: lakilasy

**late**: tara

**to do**: manao

**right**: marina

**thing**: zavatra

**constantly**: foana, tsy miova

**to talk**: miresaka

**meeting**: fivoriana

**to have lunch**: misakafo antoandro

**to start**: manomboka

**to lie**: midaboka, mandainga

**sofa**: kanape

**suddenly**: tampoka teo

Anglais Français en Ligne by Mr Rariny

am-pijerevana tele aho no tonga izy." Izany hoe izaho ao anatin'ny fijerevana tele no ampiasana ny simple past progressive ary ny "Tonga izy" simple past.

Examples:

- While we were having lunch, it started to rain./ *Tamin'izahay nisakafo antoandro, dia nanomboka avy ny orana.*
- I was lying on the sofa, suddenly someone knocked at the door./ *Izaho natoritory teo ambony kanape, tampoka teo nisy olona nandona tao am-baravarana.*
- Mom was doing the cleaning when I arrived home./ *Nanao ny asa fanadiovana i neny tamin'izaho tonga tato an-trano.*

**someone**: olona

**to knock at the door**: mandom-baravarana

**mom**: neny

**to do the cleaning**: manadio

**to arrive home**: tonga ao an-trano

Anglais Français en Ligne by Mr Rariny